Teny iray mahasintona olona ny Esperanto ary ahitana vondron'olona mpampiasa azy any amin'ny firenena mihoatra ny 130 eto ambonin'ny Tany. Tsotra sady tsy mba miovaova ny rafiteniny ary tsy dia ahitana pitsopitsony manokana izay mety hanasarotra azy no sady tsy mampanan-karena akory ilay teny eo amin'ny lafiny fifandraisana. Ireo toetra ireo dia manome antsika teny izay mora ianarana raha miohatra amin'ny teny hafa mahazatra. Ny teny tsy manam-paharoa toy izany ary dia tena mety tokoa amin'ny fifandraisanan'ny samy hafa firenena.

Teny manana ny kolotsaina mampiavaka azy ny Esperanto, izay noforonina efa ho 130 taona izao ary nivoatra tsikelikely noho ny fampiasana azy. Nisy ary mbola misy hatrany isan-taona ireo fihaonana an-jatony – any amin'ny faritra iray, na eo anivon'ny firenena iray, na kontinanta iray na koa hiraisan'izao tontolo izao mihintsy. Manana literatiora matevina izy, seho an-tsehatra, mozika, sarimihetsika. Etsy an-kilan'izany, zary kasa tetezana manan-danja mampitohy ny kolotsain'ireo firenena samihafa izy indrindra ny an'ireo teny izay tsy mba ampiasaina firy eo amin'ny fifandraisana iraisam-pirenena. Ny tanjona dia ny hanohanana ireny teny ireny ary hampitomboana ny harena ara-pitenenana sy ara-kolotsaina eto amin'ity tontolo iainantsika ity.

Teny mandala ny rariny sy hitsiny ny Esperanto satria azon'ny rehetra ampiasaina izy fa tsy natokana fotsiny ho an'ireo manan-katao, manana olona hifandraisana sy manam-potoana hianarana tenim-pirenena mahazatra. Mametraka ny tsirairay ho mitovy zo izy ary mamela ny rehetra hanana fifandraisana tsotra no sady mihoatra ny firenena misy azy.

Teny mampisokatra izao tontolo izao amin'ireo mpampiasa azy ny Esperanto. Maro amin'ireo izay miteny azy no matoky ny fisian'ny firindrana iraisam-pirenena sy ny fifandeferana manoloana ny fahasamy hafana ara-kolotsaina.

Raha aravona izany ny Esperanto dia mahasarika, mpivoy kolotsaina ary koa teny iraisam-pirenena mandala ny rariny sy ny hitsiny.

Universala Esperanto-Asocio

Fikambanambe Iraisam-pirenena momba ny Esperanto

Manana fifandraisana ofisialy amin'ny Firenena Mikambana sy ny UNESCO

Mme Fafah

Ambodiakondro

Facebook: Sunrise English Club Moramanga

tel. 0340895165

Miora RAVELOHARISON

MANANTSOA NOFIKO <rmlvmiro@yahoo.fr>

+261341005994 (vacapo) Antananarivo